*JOURNEE SPECIALE DES ANCIENS 2016*
*IOUC*

**MIBANJINA AZY**
Nosoratan'i
**Passmore N. Mulambo**
Fivondronan'ny Mpitandrina - SID

« Manopy ny masoko ho amin' ny tendrombohitra aho; Avy aiza ny famonjena ahy [Na: Izay ihavian' ny famonjena ahy] ? Ny famonjena ahy dia avy amin' i Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany. » **Salamo 121:1-2**

**1. Zavatra tsara marihina mikasika io fanambaran'ny mpanao Salamo io :**

a) tsy fantatra mihitsy hoe iza no mpanoratra io Salamo io
b) zavatra mahazatra ny mpanoratra sady mahafinaritra azy ny tendrombohitra.

**2. Ny andininy faharoa dia manazava ny andininy voalohany:**
Ny fijerena any ambony, dia midika ho fibanjinana ny Tompo, izay mifehy ny lanitra sy ny tany.

Avy amin'i Tompo no ahazoantsika fanampiana!
- Izy no manampy ny mambran'ny fiangonana
- Mbola Izy ihany koa no manampy ny tanora
- Mbola Izy ihany koa no manome fanampiana ny loholona
- Mbola Izy ihany koa no manampy ireo mpitarika fiangonana
- Mbola Izy ihany koa no manampy ireo Pasitora.

Ry hava-malala, inona moa no tian'ny Baiboly ambara mikasika ny hoe « mijery any ambony ? » na « mibanjina an'i Jesosy ? »

1. **Midika ho fahatokiana an'Andriamanitra sy fiankinana amin'ny fahasoavany izany**:

a) Zatra ny mifandray amin'ny lanitra ny Mpamonjintsika – any amin'ny Rainy Izy no mandefa ny fangatahany. Marka 6:41; 7:34; Mat. 14:19.
b) Mamporisika ireo mpino mahatoky Izy mba hijery any ambony mandrakariva ; rehefa manao izany izy ireo, dia maneho ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra. Lioka 21:28.
d) Hoy ny mpanao Salamo : « *Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; Maraina no hivavahako [Heb: handaharako] Aminao, ka hanandrandra aho.* » Salamo 5:3
e) « *Aminao no anandratako ny masoko, Ry Mpitoetra any an-danitra ô. Indro, toy ny fijerin' ny ankizilahy ny tanan' ny tompolahiny, ary toy ny fijerin' ny ankizivavy ny tanan' ny tompovaviny, no fijerintsika an' i Jehovah Andriamanitsika, mandra-pamindrany fo amintsika.* » Salamo 123:1-2

**2. Midika ho fianteherana (tahaka ny an'ny zazakely) amin'Andriamanitra koa izany:**

a) Hoy i Jesosy : « *fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.* » Jaona 15:5
Tokony ho tsapatsika fa tsy mahavita na inona na inona isika raha tsy eo Izy – aotra isika.
b) Mampianatra antsika Izy mba hiteny amin'Ilay Raintsika any an-danitra hoe : *« Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. »* Mat.6:11
d) Fantatsika ny fitiavana sy ny fiantrany antsika. « *Tahaka ny fiantràn' ny ray ny zanany no fiantran' i Jehovah izay matahotra Azy. »* Salamo 103:13

Noho izany rehetra izany no tokony hijerentsika any ambony mandrakariva.

**NY FIJERENA ANY AMBONY SY IREO FITAHIANA MANOKANA AZO AVY AMIN'IZANY**

1. Jereo anie ny fanasana manokana ataon'Andriamanitra ho an'ity izao tontolo izao simban'ny fahotana ity sy mijaly ity e !

a) *«Mijere Ahy, dia ho voavonjy hianareo, ry vazan-tany rehetra! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa.* » Isaia 45:22
b) Rehefa nokaikerin'ny menarana misy poizina ny Isiraelita, dia nilaza tamin'i Mosesy Andriamanitra mba hanamboatra menarana varahina sy hametraka izany eo amin'ny havaoana ka izay rehetra mahita izany dia ho velona. Nomery 21:8-9; Jaona 3:14.
d) Rehefa mibanjina Ilay Tompon'ny voninahitra isika, dia hovana ho tahaka Azy. 2 Korintianina 3:17-18.

2. Tsy maintsy mampifantoka ny fijerintsika any ambony, any amin'Ilay Mpamorona ny lanitra sy ny tany isika noho ireto antony manaraka ireto :

a) Ny fahalehibeazan'ny zavatra ilaintsika - (i) Ny lalana izorantsika sy ny fakam-panahy (ii) Ny fiovaovana misy eo amin'ny fiainana – fifaliana/alahelo, fahasarotana isan-karazany, loza amin'antambo, fanaintainana sy fahafatesana.
b) Tsy fahampian'ny fanohanana avy amin'olombelona – rehefa mandalo fotoan-tsarotra isika dia mila ny fanohanana avy amin'ireo namantsika ; misy anefa fotoana eo amin'ny fiainana, tsy misy dikany izany.
d) Ny Soratra Masina dia mampitandrina antsika tsy hiantehitra amin'ny fanampian'ny olombelona – Salamo 146:3; Jeremia 17:6-9; Salamo 62:5-9.

3. Ao amin'Andriamanitra ny famonjena antsika!

a) Efa nisy izany tamin'ny taon-jato maro lasa ary mbola ho hitan'ny vahoakan'Andriamanitra koa amin'ny ho avy. Ohatra : Hoy i Samoela hoe : « Nanampy antsika Andriamanitra ,» ireo zatovolahy hebreo telo lahy

ihany koa dia nahatsapa ny fanampian'Andriamanitra azy ireo, i Daniela ihany koa. Dan.3:17-22 ; 6:20-21 ; Heb.11.

b) Afaka manatanteraka izay rehetra tokony ho antsika koa Izy satria Tsitoha. Fil. 4:19.
d) Miandry ny fangatahana avy amintsika ireo fitahiana be dia be izay efa ao amin'ny trano fitehirizan'Ilay Raintsika izay any an-danitra. « Tsy mahazo isika satria diso fangataka. » Jakoba 4:1-3.

4. Farany :

a) Ireo mpino eo am-piandrasana dia efa zatra mijery ny lanitra – satria any no misy Ilay Mpamonjy izay efa miomana hitondra azy ireo any.
b) Mitodika any Aminy izy ireo miandry ireo fitahiana samihafa.
d) Mitodika any Aminy izy ireo mba hotarihiny amin'ny maha-lohan'ny fiangonana Azy.
e) Mitodika any Aminy izy ireo mba hanomezany azy ireo fahendrena eo amin'ny fiainana andavandro.
f) Mitodika any Aminy izy ireo mba hanatanterahany ireo teny fikasana mikasika ny fiaviany indray.
g) Mijery any ambony izy ireo satria avy any no hihaviany ao amin'ny rahona. Asa. 1:9-11; Isa. 22: 9; Heb.9: 28.
h) Mijere Azy na amin'ny mora na amin'ny sarotra.
i) Mijere Azy satria kely sisa dia ho avy indray Izy.

- ➢ Amin'ny maha-mpitarika ny fiangonana antsika, dia manana adidy isika hiantso ny fiangonana mba hijery an'i Jesosy.
- ➢ Amin'ny maha-fiangonana antsika, dia manana adidy isika hitory ny Filazantsara sy hiantso an'izao tontolo izao, ireo namantsika, ireo mpiara-miasa amintsika, ireo havana aman-tsakaizantsika mba hijery an'i Jesosy – Ilay tompon'ny finoantsika sy mpanefa azy.
- ➢ Moa ve misy olona izay mila sy tsy maintsy manatona sy mijery an'i Jesosy eto androany?

**ANTSO**

• Misy amintsika tonga eto androany ve manana faniriana hijery ambony – hijery an'i Jesosy ?
• Hijery an'i Jesosy mba hahazo famelan-keloka ?
• Hijery an'i Jesosy hanaiky Azy ho Mpamonjy ny tenany manokana ?

**Izao no fotoana mety**!

• Ny lanitra dia mahafantatra fa eto ianao ! Ary satria ianao manana faniriana hanaiky ilay olona nombohana teo Kalvary, manasa anao aho mba hanangana ny tananao ho fanekenao an'i Jesosy !
• Raha mbola mibanjina Azy ianao, manasa anao aho mba hanolo-tena ho an'i Jesosy sy hanaiky Azy ho Mpamonjy ny tenanao manokana sy ho Tompon'ny fiainanao.
• Manatona Azy anio ! Izao no fotoana mety !
• Manatona Azy ry rahalahiko sy anabaviko !

***JOURNEE SPECIALE DES ANCIENS 2016***
***IOUC***

Hitahy anareo anie Andriamanitra ! Sady izany tokoa !

AMENA ! AMENA !